



REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitievana • Tanindrazana • Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

FAMPAHAFANTARANA

Efa ho hateloana izao no nandiniana lalina sy amin'ny antsipirihany eo anivon'ny Filankevitry ny Minisitry ny volavolan-dalàna hitsivolana mifehy ny teti-bola nasiam-panintsiana ho amin'ny taona 2019. Jerena sy dinihina amin'ny antsipirihany isan'andiny sy isan'andalany avokoa ireo volavolan-pandaniam-bola voasoratra isaky ny ministery tsirairay avy, mba hametrahana ny fanjakana tsara tantana sy fanarenana ary ny tena fampandrosoana marina miantraika mivantana amin'ny vahoaka, araka ny velirano sy fampanantenana nataon'ny Filoham-pirenena hanatrarana ny fahatarana an-taonany maro.

Aorian'ny fandiniana sy fandalinana dia hiroso amin'ny fandaniana ity volavolan-dalàna ity ny Filankevitry ny Minisitry, ka hamoaka ny didy hitsivolana ny Filoham-pirenena. Aorian'izany dia handefa izany any amin'ny fitsarana avo momba ny lalàm-panorenana hijeren'ity farany raha mifanaraka amin'ny lalàna fototra ny zava-boalaza rehetra ao amin'ny rijan-teny mandrafitra io volavolan-dalàna io. Vita izay dia hivoaka ary azo ampiharina ny teti-bolam-panjakana taona 2019. Marihina fa ny lalàm-panorenana no manome fahefana ny Filoham-pirenena hamoaka lalàna sy handray hitsivolana hitondrana ny tany sy ny firenena araka ny andiny faha 104 noho ny fanomezam-pahefana nomen'ny Antenimiera azy.

Natao androany 10 May 2019.

Sampan-draharaha misahana ny serasera sy ny fifandraisana.